# Mandehana any ary lazao aminy hoe : Tsy isan'ny mponin’ny Afobe ianao, fa ho ao anisan’ny olon’ny Paradisa

Tatitra azo avy amin'i Anas Ibn Malik (R.A) niteny hoe: Nitady an’i Thàbit ibn Qais ny Mpaminany (S.A.W), ka hoy ny lehilahy iray hoe : “Ry irak’Allah ô, mampahafantatra anao ny momba azy aho.” Dia tonga teo amin'i Thàbit izy ka nahita azy nipetraka tao an-tranony mitolefika ny lohany, ka hoy ny Mpaminany hoe : Inona no manjo anao? Dia niteny izy hoe : ratsy, nampiakatra ny feony ho ambony noho ny feon'ny Mpaminany (S.A.W) izy, koa zava-poana ny asany, ary anisan’ny mponin’ny Afobe izy, ka tonga ilay lehilahy nilaza taminy fa niteny an’izao sy izao izy, ka niverina tamin’ny manaraka nitondra vaovao tsara. Dia hoy izy : “Mandehana any ary lazao aminy hoe : Tsy isan'ny mponin’ny Afobe ianao, fa ho ao anisan’ny olon’ny Paradisa".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nitady an'i Thabit bin Qais ny Mpaminany (S.A.W) ka nanontany momba azy, dia hoy ny lehilahy iray : "Afaka milaza aminao ny momba azy sy ny antony tsy naha-teo azy aho." Dia nankany aminy izy ary hitany nalahelo sady mikapokapoka ny lohany tao an-tranony izy, ka nanontany azy manao hoe : Inona no nanjo anao? Nolazain'i Thabit taminy ny ratsy nanjo azy. Satria efa nampiakatra ny feony mihoatra ny feon'ny Mpaminany (S.A.W) izy, ary nandrahona an'izay nanao izany Allah fa ho foana ny asany, ary ho isan'ny olon'ny Afobe! Ka niverina tany amin'ny Mpaminany (S.A.W) ilay lehilahy, ary nilaza taminy ny amin'izany, ary nanome baiko azy ny Mpaminany (S.A.W) mba hiverina any amin'i Thabit ary hitondra ny vaovao mahafaly ho azy fa tsy anisan'ny mponin'ny afobe izy fa mponin'ny paradisa satria avo voajanahary ny feony, ary izy no mpandaha-tenin'ilay irak'Allah ary mpitory tenin'ireo Ansar.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65073